Malagasy
What House Will You Build Me?
65-1121

Torinten'i
William Marrion Branham

"... in the days of the voice ..." Rev. 10:7

Trano Manao Ahoana No Ataonareo Ho Ahy?

Tucson, Az
Novambra 21, 1965

Teny fampidirana

Ny asampanompoana hafa kely an'i William Branham dia valin'ny Fanahy Masina ny amin'ny faminanian'ny Soratra Masina ao amin'ny Malakia 3:23–24, Lioka 17:30, ary Apokalipsy 10:7. Io asampanompoana manerantany dia faratampony amin'ireo faminaniana hafa ara-baiboly, ary ny fitohizan'ny asan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahiny Masina amin'izao andro farany izao. Io asampanompoana io dia voalaza ao amin'ny Soratra Masina, mba hanomana ny olona ho amin'ny Fihavin'i Jesosy Kristy Fanindroany.

Mivavaka izahay mba hahatonga ny Teny voadika printy ho voasoratra ao anantin'ny fonareo raha feno vavaka ianareo eo ampamakiana ity hafatra ity.

Ny rakipeo sy ny dika soratra amin'ireo torinteny mihoatra ny 1 100 nentin'i William Branham dia azo alaina sy avoaka printy maimaimpoana amin'ny fiteny maro samy hafa ao amin'ny

www.messagehub.info

Rehefa natao daholo ny ezaka rehetra mba ahazoana antoka ny fandikana, dia miangavy anareo mba hijery ny rakipeo voalohany tamin'ny teny Anglisy izay mirakitra marina tsara ny toriteny.

Ity asa ity dia azo adika ary zaraina raha toa ka adika manontolo, tsy ovaina, ary mamaimpoana ny fizarana azy.

am-pita tetsy, nijery matso nandalo teo aho, dia nahita ireo fiara mifony vy efa taolo be tamin'ny Ady Lehibe Voalohany nandeha teo alohan'ny matso, narahin'ireo fiara mifono vy Sherman lehibe, dia avy eo nitohy tsy ankiato ilay matso. Avy eo, ny renin'ilay kintana volamena, ilay tokatrano kely potika, ilay vehivavy nitomany, ankizilahy kely izay rovitr'akanjo izay maty ny rainy, vehivavy antitra izay maty ny zanany lahy. Oh, tena nampalahelo izany, ny nitsangana teo amin'ny sisin'arabe teo, ary ny mijery zavatra tahaka izany ! Avy eo, voatsikaritro fa, vao nandalo teto amin'ity trano ity izy ireo, dia niova ny mozika, nilalao ilay "Mandrosoa, ry Miaramila Kristianina." Tao aoriana tao, nitsoka ny mozikany izy ireo, kanefa, rehefa nandalo teo alohan'ity toerana ity izy ireo !

43 Andriamanitra Malala ô, mieritreritra an'ilay fotoana lehibe izay ho avy aho : dia ny fitsanganana amin'ny maty izany, ka ny bekotro maro olatra aloha no hitsangana aloha, ireo olomasina, ireo patriarka. "Satria isika izay velona, ka mbola mitoetra, dia tsy mba hialoha, na hanakana ireo izay matory ; satria hitsoka ny trompetran'Andriamanitra, ka hitsangana ny maty ao amin'ny Tompo aloha" Avy eo, rehefa hitanay io... ireo olona miakatra, mandeha mankany andanitra, ary izahay dia mitsangana, miandry ny fanovana anay, mahafantatra fa izahay koa, dia hilahatra ao aorian'izy ireo. Andriamanitra ô, ataovy miaramila mahatoky izahay.

44 Tsy misy afatsy ireo izay tena nandray anjara tamin'ny ady, izay tena tany, no afaka mahalala tsara izay tena dikan'izany, ny mahita fiara mifono vy mandalo. Ary, Andriamanitra ô, mieritreritra izahay fa ireo izay tena tany amin'ny adin'ny fiainana, no mahalala tsara ny dikan'izany, rehefa miandry ny anjaranay izahay mba handray ny toeranay, ny laharanay, ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty, mba hiakatra.

45 Ary ito ny rahalahiko kely, mitsangana eto, vita tsara, vonona, miakanjo, miandry izy ny mba hametrahan'ny lehilahy antitra iray azy ny tanany - be kotro maro olatra antitra izay efa tany amin'ny sahan'ady, - eo ampahalalana fa tokony hiditra amin'ny ady koa izy. Andriamanitra Malala ô, ireto tanana tsy mendrika izay apetrako eto amin'ny rahalahiko ireto, misolo tena ny Anao ireto. Andriamanitra Malala ô, tahio rahalahy Green, izay tsofiko rano amin'ny Anaran'i Jesosy. Aoka izy hitondra ny Hafatra, Tompo ô, ato amin'ity tanàna ity sy any amin'ny rehetra izay hiantsoanao azy. Aoka izy ho tsy mivadi-po, feno ny Fanahy, hiaina fiainana tsy misy azo kihanina. Andriamanitra ô, avelao izy mba ahazo ny fon'ny olona, mba ahafahany mampianatra azy ireo, hitarika azy ireo ary hitondra azy ireo eo amin'ny lalana izay irianay rehetra aleha. Ekoa izany, Tompo ô.

46 Tahio ny vady malalany, ny zanany. Tahio ny ezaka izay omenay miaraka eto, amin'ny maha-rahalahy kristianina anay, eto an-tany, mba ahafahanay mitondra ity Vaovao Mahafaly ity hatrany amin'ny faran'ny tany, alefaso eo aminy ny Fanahinao, Andriamanitra ô. Mivavaka amin'ny anaran'i Jesosy Kristy aho, apetrakay eo anatrehanao izy. Amen. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy Pearry. Ento ny Tenin'Andriamanitra.

Trano Manao Ahoana No Ataonareo Ho Ahy?

1 Misaotra, rahalahy Green. Tena tombontsoa mihitsy. Fiarahabana ho an-dRahalahy sy Ranabavy Green, sy ho an'ireo rehetra izay eto androany maraina. Marina mihitsy, mieritreritra aho fa tombontsoa no nomena ahy, mba ahafahako tonga eto amin'ity toeram-piderana ity, hanao filazana vitsivitsy..

2 Tsy te-haka ny fotoanan'i Rahalahy Green aho, eto, satria efa naheno an'i Rahalahy Green nitory matetitetika aho, ary marina fa voataonan'izany aho, tamin'izy nitondra ny Tenin'ny Tompo. Ary tena manetry tena amin'izany mihitsy izy. Niteny izy omaly hoe : "Tsy mandray ny Teny avy amin'ny Tompo aho, tahaka ny, angamba, tonga avy amin'ny fanambarana, tahaka ny - takaha ny nandefasana Azy, kanefa", hoy izy "Tiako ny - ny manipika izay efa voalaza". Hoy izy : "ohatra, rehefa nanoratra zavatra tao amin'ny Baiboly i Paoly, dia tonga eto aho manipika izay noteneniny." Hoy izy : "Tsy manana hafatra an'ahy manokana aho, fa raha tsy ny hoe manipika fotsiny izay efa notenenin'ny Tompo." Tena hitako fa mahatalanjona izany avy amin'ny tovolahy tahaka azy, ny maheno azy manao fanamarihana tahaka izany. Ankehitriny, aoka isika hanana vavaka miaraka kely.

3 Andriamanitra Malala ô, tsy fantatro mihitsy hoe aiza no atomboka, satria tsapako fa eto Ianao androany, ary eo amin'ny Fanatrehanao, dia mahatsapa tena ho tena kely foana izahay. Ary izaho - izaho dia misaotra anao noho ity tombontsoa ity. Tompo ô, ankehitriny, satria nomenao anay ity toerana ity, dia mivavaka Aminao izahay mba hifanena aminay eto foana rehefa mivory eto izahay. Ary enga anie ny Fanahinao Lehibe hiasa eto amin'ity tanàna ity ! Enga anie izahay ho afaka ny hitondra ity Hafatry ny Filazantsara ity izay nomena anay ary napetraka teto antanananay amin'izao andro farany izao. Enga anie izy ho tanteraka, ary mba raiso ho Anao ny fanahy rehetra, hatreto Tucson sy ny manodidina, izay nomaninao ho amin'ny Fiainana. Ekeo izany zavatra izany, Ray ô, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amen.

4 Mieritreritra ny mba hamaky andininy kely amin'ny Soratra Masina aho androany maraina, alohan'ny hitenenako ireo teny izay tiako hotenenina. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly no misy azy, toko fahafiton'ilay Bokin'ny Asa. Ary mandrapitadinareo izany an-dalana izany, izay horaisintsika ao amin'ny andininy faha 44.

5 Tsara, amin'ity herinandro ity, ity herinandro izay avy ity, dia handeha ho any Shreveport izahay mba hanao andiam-pivoriana, ary any, hiezaka izahay, raha sitrapon'ny Tompo... Rahalahy Moore, Rahalahy Jack Moore izay namana akaikin'i Rahalahy Pearry sy izaho, ary tianay I Rahalahy Jack. Mieritreritra aho fa mandona azy kely ny Hafatra, indrindra indrindra zavatrasasany izay tena tian'ny fonay sy izay, inoanay fa, natolotra tamin'ny alalan'ny fisokafan'ny Tombokase Fito, araky ny inoanay azy : ohatra, ny "voan' ny menarana", ny "fiarovana Mandrakizain'ireo mpino", sy - sy ny sisa, ny sasany amin'ireo Hafatra ireo, izay, ho an'ny hafa, angamba... Tsy mino izahay fa Ity dia karazana zavatra sarotra, kanefa tiako ny hanokatra ny fonareo amin'ny Fahamarinana. Mino isika fa miaina ao amin'ny - amin'ny andro farany. Tena azo tsapain-tanana izany ho antsika, fa hoe tena eo amin'ny faran'ny làlana isika.

6 Ary rehefa mitory ao amin'ny fiangonan'olon-kafa ianao, mba te tsy hanimba ny fampiantranon'io lehilahy io ianao, noho – noho ny nanomezany

tombontsoa anao ho tonga eo amin'ny fiangonany. Ary mazava ho azy fa izaho, eo ampahalalana fa tsy mino Izany izy ireo, dia hanaja azy ireo aho... Misy zavatra maro hafa no afaka resahiko any, raha tokony hitondra ity aho raha tsy hoe ny Fanahy Masina no manosika kely momba an'Io, hitanareo, ka eo, mazava ho azy fa hoteneniko izay Noteneniny. Tsy mahay manao zavatra hafa noho izany aho, ary manantena aho fa tsy hianatra ny hanao zavatra hafa mihitsy. Hitanareo ? Aoka isika hiteny Izany tahaka ny. Noteneniny

7 Ankehitriny, ndao hovakiana fotsiny andininy iray - iray na roa, eto amin'ny toko faha fiton'ny Bokin'ny Asa, manomboka eo amin'ny andininy faha 44.

Ny trano lain'ny vavolombelona dia teo amin'ny razantsika tany an'efitra, tahaka ny voatendrin'izay niteny tamin'ny i Mosesy mba hanaovany azy araka ny endrika izay efa hitany.

Izany koa dia noraisin'ny razantsika izay nandimby ireo, ka nentiny niditra niaraka tamin'i Josoa tamin'ny nahazoany ny tanin'ny firenena izay noroahin'Andriamanitra hiala teo anoloan'ny razantsika hatramin'ny andron'I Davida.

Izy nahita fitia teo anatrehan'Andriamanitra ka nangataka hahita trano ho an'Andriamanitr' i Jakoba. Fa Solomona kosa no nanao trano ho Azy.

Kanefa ny Avo Indrindra tsy mitoetra ao amin'izay nataontanan'olona, araka ny nolazain'ny mpaminany hoe : "Ny lanitra no seza fiandrianako,... Ary ny tany no fitoeran-tongotro ; Koa trano manao ahoana no ataonareo ho Ahy ?

Hoy Jehovah. Ary manao ahoana no fitoerana fitsaharako ?

Tsy ny tanako va no nanao izao zavatra rehetra izao ? "

8 Rehefa vita izany, ity famakiana ny Soratra Masina ity, mba te-hiteny ireo teny vitsy izay tiako ho tenenina aho, alohan'ny hitondran'i Rahalahy Pearry ny Hafatra androany maraina

9 Raisiko ho iray amin'ireo fotoana lehiben'ny fivahinianako eto Tucson ity. Tonga teto aho, satria voataona ny ho aty. Tonga taty aho, satria ny Fanahy Masina, tamin'ny alalan'ny fahitana, dia nandefa ahy taty. Fantatro fa mety ho hafahafa izany, angamba. Kanefa Izy, raha araky ny fantatro, araky ny fantatro avy amin'Andriamanitra, nalefa taty Tucson aho taorian'ny fahitana iray. Nanontany tena aho hoe nahoana no nandefasana ahy aty amin'ity toerana karankaina ity. Sady aty, izay misy...

10 Amin'ny lafiny ara-panahy, ity tanàna ity, tsy mahafantatra toerana hafa izay maty arapanahy noho ity tanànan'ny Tucson ity aho. Misy ady eo amin'ireo fiangonana. Misy fifamaliana eo amin'ireo mpino. Tsy misy fitambarana, ary eo izy rehetra mifampitazana, mifanohitra, miezaka ny hahazo an'ilehity hiaraka aminy, hanao "prosélytes".Tany efitra ity, amin'ny lafiny ara-panahy koa

11 Kanefa, novakiako tao amin'ny Baiboly, teo amin'ny niantsoan'Andriamanitra an'I Mosesy mba hisaraka amin'ireo malalany sy ireo izay tiany indrindra, ka nalefany tany an'efitra izy mba hanoratra ireo lalànan'ny Baiboly. Ny Testamenta Taloha izany, ny boky efatra voalohany : ny Genesisy, ny Levikitosy, ny Deoteronomia, ny Ekodosy. Izy... tsy notanisaiko araky ny filaharany mahazatra, kanefa ireo boky efatra ireo izany,

hiangonan'ny roa na telo amin'ny Anarako, dia eo afovoany Aho."

35 Kanefa, araky ny noteneniko teo, niteny tamiko i Rahalahy Green, ary hoy izy – Ny vadiko no tonga nilaza tamiko fa tsy teo aho tamin'ny nilazany azy - fa, ary nolazainy tamin'iny maraina iny fa "misokatra ny polipitra na oviana na oviana". Kanefa, mandrakariva... izany hoe, misokatra mba hitoriako.

36 Kanefa, ny mahazatra dia tokony nandeha iny lalana iny tamin'ny fiarakodia aho, hatrany Jeffersonville, any Indiana, mba hitory Hafatra iray izay nomen'Andriamanitra ahy ; mba hitondra izany amin'ny olona, tokony nandeha hatrany Jeffersonville aho, any Indiana ary ny tsirairay aminareo dia namakivaky ny firenena, tsy maintsy nanao fifandraisana an-tariby isika sy ny sisa, mba ahazahoanareo handray ny Hafatra, satria izany no iainantsika. Hitanareo, noho izany no mahatonga antsika eto. Tsy ilaintsika atao intsony izany.

37 Rehefa manome Hafatra ahy Andriamanitra, tonga dia afaka mandroso avy hatrany eto amin'ny polipitra eto aho, mba hitory izany, ary tena mahatsapa tena ho afaka amin'izany. Hitanareo ? Ary mino aho, amin'izany, fa hitahy anareo ilay Andriamanitra mahery, raha manohana ity fiangonana ity ianareo, izao, ity andian'olona ity. Tsy izany fotsiny, fa andao koa ho any ivelany, ary ndao hijery raha tsy misy olon-kafa azontsika entina hiditra ao. Hitanareo ? Ndao isika hiresaka amin'olon-kafa na aiza na aiza. Ndao resahina amin'izy ireo ny fiangonantsika sy izay tena dikany. Izay ny fiangonantsika... Eto isika. Tianay ho tonga aty ianareo ary hitondra vahiny. Ary tena mino aho fa ho tombontsoa ho antsika rehetra izany. Hitanareo ? Manana trano isika, ary mankasitraka noho izany. Tena mankasitraka isika manana izao toerana izao mba ahafahantsika miangona.

38 Kanefa "na izany aza tsy mitoetra amin'izany vitan'ny tanan'olombelona ilay Avo Indrindra, hitanareo, satria ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fisian-tongotro, koa aiza no toerana hialako sasatra ? Kanefa nanamboatra vatana ho Ahy ianao".

39 Ary Vatan'i Kristy isika. Noho izany, tahaka ny handehanantsika amin'ny trano izay ho any amin'ny iray hafa, mino aho, hoentintsika any ny hafatsika, ary ho avy hanao fanompoana amin'ny fanasitranana isika. Ary izay rehetra hambaran'ny Tompo ho ataontsika, dia ataontsika eto am-piangonana eto ihany izany, mandra-pihitatr'izany, ka ahatonga antsika hifindra any an-toerankafa, ary any amin'ny hafa hatrany, mandrapahatongan'i Jesosy. Andriamanitra anie hitahy anareo.

40 [Manao filazana i Rahalahy Green, ary mangataka an'i Rahalahy Branham avy eo izy mba hanosotra azy. –Fanamarihan'ny Mpandika] Hanondrika ny lohantsika isika

41 Andriamanitra Malala ô, eo am-pitsanganana eto amin'ity lapihazo ity, izay maneho ny... eto ambony alitara eto, mahatsapa tena ho karazana efa mihamaty izahay, raha ny momba ity tany ity. Nanopy ny masonay eny amin'ny arabe izahay, ary tsapanay fa voasoratra eny rehetra eny ny fahotana, ary ny Voninahitr'ilay Jehovah dia efa misitaka haingana. Ary fantatray fa, rehefa miakatra hiala amin'ny tany ny Voninahit'ilay Mandrakizay, dia hiakatra miaraka aminy koa ny Fiangonana. Andriamanitra ô, te ho ao izahay.

42 Andro vitsy lasa izay, nitsangana tetsy amin'ny sisin'arabe tetsy aho, tetsy

mamantatra, amin'ny alalan'ny Fanahy, mba ahita marina hoe ahoana ny toe-panahin'io rahalahy io, mba ahita izay tsy mety. Manomboka ny mahatsapa aho fa isika rehetra dia miraviravy tanana, manalavitra ny Fanahy. Tonga zavatra toa tsotra loatra amintsika izany. Tokony hidera amin'ny fanahy isika, eo amin'ny Fanahin'Andriamanitra... Ny Hafatsika dia tsy tokony ho afon'ny vanim-potoana fotsiny, fa tokony ho afon'ny fontsika koa. Hitanareo? Tokony ho ao anatin'ny fontsika izany, raha tsy izany, tsy afaka ny - afaka ny hanolotra izany araka ny tokony ho izy amin'ny olona isika. Ny Fanahy izy tenany no tokony hitondra ilay Hafatra. Manantena aho ary mino fa ny tsirairay aminareo dia tena Kristianina marina.

30 Ankehitriny, mila mpampianatra sekoly alahady izy ireo. Mila mpiasa izy ireo. Ary tehiteny ity aho, mba ahafahanareo mahazo azy tsara. Fiangonako ity.

31 Taty aho nandritry ny telo taona. Ary varavarana tokana no nisokatra ho ahy dia I Rahalahy Mack izany, izay nanasa ahy mba hitory. Aoka Andriamanitra hitahy azy. Tsy nisy olonkafa nanasa ahy. Tsy misy mampifanolana ahy amin'izy ireo, tena tsara izy ireo. I Rahalahy Brock dia tena namana akaikiko, Rahalahy Gilmore, sy rahalahy pantekôtista maro avy eto, izy ireo dia tena, tena namako tsara daholo. Tiako izy ireo, tsy misy mampifanolana ahy amin'izy ireo. Fantatro ny toerana misy azy ireo. Tsy afaka ny hanasa ahy any izy ireo, ary hijanona ao amin'ny fandamindaminany avy eo. Hitanareo, tsy afaka ny hanao izany izy. Satria, raha ataony izany, dia izy ireo no hovoaroaka. Koa dia, hitanareo ny toerana misy azy. Nila nifanandrina tamin'ny zavatra nitovy tamin'izany aho. Na dia izany aza, aoka ho araka izao manaraka izao foana : "Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra", ny sitrapon'Andriamanitra.

32 Ary izao, efa nalefan'Andriamanitra aty i Rahalahy Green, ary nanokatra fiangonan'ny finoana mitovy vidy amin'ny antsika izy, izay mino tahaka antsika, tokony ho feno fankasitrahana an'Andriamanitra isika, ary tokony hanatrika ny fivoriana rehetra, handray ny toerana izay ahafahantsika rehetra. Ary raha misy miantso antsika, misy mangataka antsika hivavaka, hitady, na hanao zavatra, aoka isika ho miaramila, fotsiny... ho tena maniry hanao izany. Hitanareo ?

33 Tazony ho mendri-kaja ilay Hafatra, ary aoka ianareo hiaina am-pahitsiana. Aza avela hisy fahalotoana ho eo Aminy. Miaina amin'ny ora tena tara isika izao. Isika dia - isika dia eo amin'ny ora efa tara loatra. Aoka isika hiaina Izany amin'ny fahadiovana. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny fiainako, ny fiainanareo, ny fiainantsika rehetra, dia mila mandroso eo anatrehan'Andriamanitra.

34 Ireo tanorantsika, ny zavatra ataony, dia mandehandeha, etsy sy eroa, amin'ny fampisehoana iray ka hatramin'ny hafa, miha manalavitra an'Andriamanitra izy ireo. Marina izany. Fahamarinana izany. Tsapako izany eo amin'ny zanako, ary tsapako fa eo amin'izany teboka izany koa izany, tsy hoe... tokony ho hitambatra isika, mba hidera an'Andriamanitra ; hoy ny Baiboly hoe : "Rehefa hitantsika fa atomotra ny andro, dia tokony hivondrona koa isika" Raha tsy misy afa-tsy olona roa eto, aoka ho iray amin'ireo isika. Ankehitriny, izany dia... Ary raha tafavory isika ka miara-midera, dia aoka fotsiny, isika... misy zavatra ao anatin'izany ; hoy Jesosy : "Na aiza na aiza

raha marimarina kokoa, ireo no mameno ny Testamenta Taloha. Satria ny ambiny, dia ireo izay nolazain'ny mpaminany, ny Salamon'i Davida, sy ny sisa, kanefa... ny Tantaran'ireo mpanjaka. Kanefa izany, dia ny fototra iorenan'ny Testamenta Taloha. I Mosesy no nanoratra izany, rehefa avy nantsoina hiala teo amin'ny Tanindrazany, - teo amin'ny nahaterahany ary teo amin'ny nitaizana azy, teo anivon'ny olony, -nalefa tany an'efitra izy, mba hanoratra ny Bokin'ny Testamenta Taloha.

12 Ary koa, hitako, eto, ao amin'ny Bokin'ny Testamenta vaovao, izay Paoly, - izaynamorona azy, tsy namorona fa nanoratra ny Testamenta Vaovao, izy koa, natosiky ny Fanahymba hisaraka amin'ny olony ka nandeha tany Arabia, izay nitoerany nandritra ny telo taona sytapany, mba ahafahany mahita ny aingam-panahy. Ary Paoly no mpanoratra lehiben'ny Testamenta vaovao. Misy an'i Matio, Marka, Lioka ary Jaona, kanefa izy ireo, dia mpitatitra, nosoratany fotsiny izay notenenin'i Jesosy tamin'izy ireo nanaraka azy. Kanefa ndao handray, ohatra, ny boky ho an'i Timoty, ho an'ny Romana, ho an'ny Hebreo, sy ny sisa, i Paoly no mandray ny aingam-panahy mba hanoratra ny Testamenta Vaovao, nampiasainy daholo ny Testamenta Taloha tahaka ny tandindona , ka dia nalaminy daholo izany. Nanome voninahitra izany Andriamanitra koa dia izany no nanaovany ny Testamenta vaovao.

13 Koa dia, raha ny Testamenta Taloha no voatosika hiala... raha ny mpanoratra no tsy maintsy natosika hiala amin'ny olony, mba handeha any an'efitra, mba ahazoany ny aingampanahy mba hanoratra ny Testamenta Taloha. Ary, ao amin'ny Testamenta Vaovao, natosiky ny Mpamorona ho any an-tany efitra ny mpanoratra mba ahafahany mandray ny aingam-panahy mba hanoratra ny Testamenta Vaovao. Ary ireo boky ireo dia vita Tombokase Fito, mino aho fa zavatra mitovy amin'izay no hotakiana, amin'ny androntsika, mba hamahana ny Tombokase Fito. Handao ireo olon-tianao indrindra, ireo izay lalainao : trano kely izay nomen'ny olona ho ahy, toerana iray izay misy ireo oloko manodidina ahy sy ny namako, miaraka amin'ny fiangonana mitombo foana, toerana izay tsy nisy nahaory ahy ; ka handao izany rehetra izany, hisaraka amin'izany, ary hisitaka aty an'efitra izay tsy misy olona fantatrao, ary izay toa manohitra daholo ny zavatra rehetra.

14 Kanefa misy zavatra miavaka ao amin'Andriamanitra, hanosika lehilahy Izy mba hanao zavatra izay mihoatra ny fomba fisainany, ary izany, dia mba ho Voninahitra sy Fiderana an'Andriamanitra. Koa dia mihevitra aho, tsy manome voninahitra ny tenako amin'izany aho, kanefa kosa ataoko fa tombontsoa ho ahy ny mandao ireo izay sarobidy ho ahy, mba ho tonga aty, ato amin'ity faritra mafy ity, mijaly tahaka ny tsy mbola nijaliako hatramin'izay niainako, eto amin'ity faritra tena mafy ity, na, aty amin'ity tany efitra ity. Kanefa mino aho fa raha manao izany ary raha manaiky izay nobaikon'Andriamanitra hataoko, dia izany no nanokafan'Andriamanitra antsika ireo tsiambaratelon'ity andro farany ity. Ary eto isika, miaraka amin'ny ity Hafatra ity.

15 Ankehitriny, maro ireo olona nanaraka ahy, ary tsy dia mahagaga izany. Raha ny tokony ho izy, olona iray izay... Ny olona dia nifankatia, ary ny fitiavana, dia nanosika anareo hanao zavatra izay tsy noeritreretinareo hatao. Ary maro aminareo, no namela ny tranony, navelanareo daholo ny rehetra, mba handeha, ho tonga aty an'efitra aty.

16 Olona maro no niantso ahy an-tariby, olona maro no nanontany tamiko : "Tokony ho tonga aty Arizona ve izahay ? Mety ho toerana tsara ho anay ve izany ?" Tahaka ny voalaza, momba an'i Mosesy sy ny hafa, fa hoe toerana tsy nahitana voankazo izany, tsy ahitana garana.

17 Aty, tsy dia misy asa, ary lafo ny fiainana, ambony be ny vidim-piainana. Tena tsy mora mihitsy ny miaina aty Tucson, aty Arizona : ambany ny karama, ary ny vidin'ny sakafo dia avo, ny hofan-trano koa. Raha amin'izay lafiny izany dia mafy ny miaina aty. Kanefa, mafana ny toe-tany, maina. Ary isika, indraindray... Tsy tokony ampifanarahantsika amin'ny zavatry ny tany ny eritreritsika

18 Tokony hojerentsika ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Nefa nisy zavatra nampiheritreritra ahy, ny ho tonga eto, ary ny miteny amin'ny olona, "tsy tokony ho aty ianareo", na hoe, "tokony ho avy ianareo". Avelako ho an'ny olona tsirairay izany fanampahan-kevitra izany, araka ny fitarihan'Andriamanitra io olona io hanao izany. Mieritreritra aho fa ny tsirairay amintsika, izany no tokony hataontsika : hotarihin'ny Fanahy, ny amin'izay tokony hatao.

19 Ary maro aminareo eto, avy amin'ny manodidina an'ny Jeffersonville ianareo, sy mpino avy amin'ny fiangonana any. Ary tonga aty ianareo. Kanefa, ny zavatra mampiheritreritra ahy dia ny momba ny toeram-panompoana.

20 Ary tsapako, araky ny namakiako azy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, eto, momba an'I Stefana sy ny kabary nataony alohan'ny nahafatesany ; notoraham-bato izy avy eo, noho ny hafany. Teo am-pitenenany, hoy izy "ny razantsika", ny Hebreon'ny andro taloha no tiany noresahina teo, nolazainy fa nihezaka ny hahita fahasoavana eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, mba hanamboarana toeram-panompoana. Hoy izy : "i Solomona no manamboatra trano ho Azy, na tempoly." Tantara efa henon'ny sofintsika izany

21 Kanefa tiako ny teny izay noteneniny avy eo : "Kanefa ilay Avo indrindra dia tsy mitoetra ao amin'ny Trano namboarin'ny tanan'olona". Ary amin'ny andinin'ny hafa, ao amin'i Isaia, hoy izy : "Nanamboatra vatana ho Ahy Ianao ; hitanareo, tsy fanatitra, tsy fanomezana, tsy trano, na zavatra hafa, fa nanamboatra vatana ho Ahy Ianao." Tsapantsika fa milaza izy ireto momba ilay vatana izay ao amin'Andriamanitra no mitoetra : ao amin'i Kristy."

22 Nefa mino aho fa ankehitriny, ny aingam-panahy dia tonga tao - tao amin'ny Rahalahy Green, ny ho avy hipetraka aty, izy sy Ranabavy Green, nilaozany ny tranony tany atsinanana, izy ireo koa, tany Texas, mba ho tonga aty ka hamerina hatramin'ny voalohany indray. Noho ny aingam-panahy fotsiny, tsapan'izy ireo fa izay no tokony nataony. Ankasitrahako ireo olona izay manaraka ny fitarihin'i Kristy, na inona na inona no tambin'izany

23 Na dia ny tany iray manontolo, angamba na dia ny namanareo akaiky aza, dia mieritreritra fa ao amin'ny fahadisoana ianareo, kanefa, ho anareo, tsy fahadisoana izany. Raha mbola mahatsapa ianareo fa misy zavatra ao aorian'izany, fa hoe Andriamanitra no manosika anareo, dia tsy mba fahadisoana mihitsy izany, ary hiodina tsara foana izany

24 Ny mahita azy roa tanora ireto, tovolahy manan-talenta, - tsy miteny izany aho satria eto izy, - ary ity tovovavy ity miaraka amin'ny ireo ankizy kely. Manana fianakaviana hotaizana izy, nialany ny asany sy ny sisa, mba ho tonga hipetraka aty

25 Tsapako fa taona maro izay, nantsoina tamin'ny asa fanompoana aho. Tsy mba nanana fahombiazana tanteraka aho amin'ny maha mpitandrina ahy, satria manana fanahy tia mandehandeha aho, izay manosika ahy handeha ary sy aty. Tsy misy toerana izay mahafa-pò ahy. Izay alehan'ny Fanahy, dia tsy maintsy mandeha miaraka aminy aho, satria manana Hafatra aho. Hoy Jesosy : "Tokony hanambara ny Vaovao Mahafaly ato amin'ity tanana ity koa aho".

26 Kanefa misy ireo izay mpiandry ondry, izay miahy ny andian'ondry. Tena feno fankasitrahana aho noho ny fanarahan'i Rahalahy Pearry ny fitarihin'ny Fanahy Masina. Ary ankehitriny isika manana tabernakely. Kely izy. Mety tsara izany, mba hanombohana, mba ahitana izay... ny Fanahy Masina. Satria tsy mahalala isika, dia ndao handroso tsikelikely. Ankehitriny, mino aho fa, raha miresaka tamin'i Rahalahy sy Ranabavy Green Andriamanitra mba handehanany aty, mba tsy handehandehanany amin'ny bisikileta, eny amin'ny arabe, handehandeha etsy sy eroa - hanana toerana izay ahafahany manompo izy ireo, isika, mba tsy hijanonana eo mihaino zavatra efa henontsika ao amin'ny radio, izay tsy hoe ratsy

27 27_ Kanefa isika, eto, amin'ny maha-andian'olona antsika, manana Hafatra amin'ny vanimpotoana. Isika - Isika dia mino fa nanome Hafatra ho antsika Andriamanitra. Ary Rahalahy Green dia, tsy te-hiantso azy hoe mpiombona antoka amiko aho, satria izahay... mpiombona antoka amiko ihany izy, miaraka ato amin'ity Hafatra ity izahay. Mitory izany koa i Rahalahy Green sy ny Hafatra mitovy amin'izay hinoako. Nilaozany ny tranony, nilaozany ny olony, nilaozany ny fiangonany. Raha tsy diso koa aho dia mpanara-maso isan-toerana izy, na zavatra tahaka izay, tamin'ireny fikambanana ireny, ary dia nariany daholo izany rehefa naheno ity izy. Nilaozany daholo ny zavatra sarobidy taminy rehetra, izy koa, mba ho avy aty an'efitra, amin'ny tanjona tokana izay hanohana izay omen'Andriamanitra antsika izao, amin'izao ora izao.

28 Teneniko, ary hinoako fa tokony hanana izany ao am-po isika, ary tsy izany fotsiny fa tokony handray ho andraikitra sy hiantsoroka izany isika, hanao izay azontsika atao : manatrika ny fivoriana, tonga aty mba hidera, ary hanao ity ho toerana izay ahafahan'Andriamanitra hanambara amintsika ny zavatra izay tokony hambarany. Ary, araky ny noteneniny : "Tsy tonga amiko amin'ny alalan'ny aingam-panahy ny Hafatra, angamba, tahaka ny ahatongavany amin'ny sasany amintsika, Fa hoy izy, "Eto aho mba hanindry izay nomen'Andriamanitra." Filazana manao ahoana izany ! Ary mino aho fa, raha miara-miasa isika, isika rehetra, ka manao izany amin'ny finoantsika iray manontolo…

29 Fantatro fa raha, ny tsirairay aminareo, mahatsapa toa ahy : izaho, dia tena noana ny hahita ny Fanahin'Andriamanitra hiasa, tena mila ho tsy ho tantiko mihitsy. Ny fahatsapana izay azoko avy any ambony, teny amin'ny tendrombohitra, ny mahatsapa izany indray mandeha indray, io zavatra izay tena feno voninahitra be tao amin'ny foko, tamin'ny voalohany, fony aho voavonjy! Afaka mandeha amin'ny toerana iray isika, afaka ny hipetraka eo ary tsapantsika eo amintsika izany : mihamaina isika. Rehefa mipetraka isika, aty an'efitra aty, ka eto anivon'ny rahalahiko aho, miresaka amiko izy ireo ary izaho miresaka aminy, matetika, araka ny fahazarako, dia mandinika aho,